

Potika ny tontolo iainana misy ankehitriny  
Toa nilaozan'ny toetr'andro ilay fihatsarany fahiny  
Ripandripaka e mantsy ny ala izay nandrakotra ny tany  
Lany tamingana ihany koa ny biby maro anatiny any

Manondrana an-tsokosoko ireo fahavalom-pirenena  
Misy ny efa tratra saingy mbola maro ireo mirenireny  
Koa izany indrindra no hiantsoantsoana eto izao  
Mantsy mila fanampiana sy fampitaovana ireo misehatra ao

Efa maro ny ezaka natao sy ny asa novitaina  
Saingy mbola maro ihany koa ny hetsika ilaina  
Tsy ho tratra anefa izany raha tsy hisy fanohanana  
Eny, tena ilain'ireo mpisehatra ny omena tolo-tanana

Efa miezaka mafy ireo lehiben'ny ala isam-paritra  
Ny lehiben'ny valanjavaboahary koa mikely aina sy miaritra  
Ireo sampan-draharaha sy vondron'olona ifotony  
Tsy mitandro hasasarana, tena miasa faran'izay zokiny

Koa ataoko angamba fa tsy ho hadisoana velively  
Ny mangataka fampitaovana mba ho azy ireny  
Ahafahana mahita vokatra mihabo hatrany  
Sy hampiverina ho salama indray 'ty tany, nosy mamy

Ny teti-bola ampiasain'ny ministera voakasika  
Dia ny tontolo iainana sy fampandrosoana maharitra  
Hiangaviana etoana ny hampiakarana azy izao  
Mantsy maro be ireo tetik'asa novolaina sy tian-katao

Politikam-panjakana ny hoe mandroso i Madagasikara

Singa iray hahatrarana izany ny fiarovana ny ala

Saingy raha tsy hisy vola dia ho zary nofy fotsiny izany

Satria tsy hahavita hiasa firy ireo DREDD isam-paritany

Tanjona napetraka ihany koa tsy hisy ny maty manota

Fa tena hibaby ny vokany ireo tsy vanona sy fositra

Saingy raha tsy hisy vola ho fampitaovana toy ny fiara

Tsy ho tratra sy tsy ho azo mihitsy akory ireo tsy valahara

Raha misy harena voajanahary tratra an-tsokosoko iny

Ka tokony ho averina amin'ny toerana na tany nihaviany

Ho sarotra izany raha tsy hisy fampitaovana eo an-tanana

Nefa atao ahoana raha tsy misy vola natao mba hividianana?

Koa miangavy an-tanan-droa anareo mpitondra fanjakana

Manaitra ny sainareo antenimiera roa mpanao lalàna

Mety hoe efa be ve ny vola natokana ho an'ny MEDD hoy ianareo?

Ekena saingy mbola maro ny vola ilaina araka ny voalaza teo

Fampitaovana ara-piofanana, arak'olona, ara-materialy

Tena mbola ilaina vola maromaro mihitsy izany

Eny, raha tiantsika ny ahita vokatra azo tsapain-tanana

Aoka ho ampitomboina ny teti-bolany 1,16% eo am-pelantana

Raha hampitomboina rahateo io teti-bola omena io

Ho tratra mora foana ny hoe tontolo iainana mirindra sy madio

Satria tena hisy tokoa ny fitsinjaram-pahefana isam-paritra

Dia tena ho tratrantsika foana ilay fampandrosoana maharitra!

Atsipiko e ny teny am-ponareo mpitondra mahalala

Antenaiko fa tena tiantsika loatra i Madagasikara

Koa efa niteny tanoloana dia nohenohinareo

Ankehitriny re mangataka ihany koa ka mba omeo!!

Fa.Ni.A na ANDRIAMAMPIANINA Fanirisoa Nilaina